

Niteraka fahavoazana ho an'ny mponina maro eto an-drenivohitra ny fahasimbana toeram-ponenana sy fihotsahana tany vokatry ny rotsak'orana nisesy tao anatin'ny andro vitsivitsy ka misy ireo tena tsy manan-kialofana amin'izao fotoana izao.

Manoloana izany dia nanapa-kevitra hametraka rafitra hanaovana vonjy aina ny fitondram-panjakana. Isan'izany ny toby maromaro handraisana ireo traboina (*« sites d'hébergement »*) eto Antananarivo ka nidina ifotony nijery izany ny alin'ny 19 janoary 2022 ny Praiminisitra Ntsay Christian, ary ny teny Ankorondrano no nanombohana ny fitsidihana.

Nomarihin'ny Praiminisitra fa ifarimbonan'ny avy amin'ny ministera, ny Tafika, ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, ary ireo rantsamangaika toy ny BNGRC, ny fandaminana ny fandraisana ireo traboina. Azo lazaina fa efa milamina raha ny ao Ankorondrano manokana, saingy *« misy ny rindran-damina tsy maintsy hohatevenina »*, hoy ihany ny Praiminisitra, satria hojerena akaiky avokoa na ny fomba hiainan'ireo mponina eo anivon'ny toby, na ny sakafon'izy ireo, indrindra ny lafiny ara-pahasalamàna.

Notsiahivin'ny Praiminisitra fa mbola ao anatin'ny vanim-potoana ipariahan'ny valanaretina covid-19 isika ka noraisina manokana ny fepetra hametrahana toeram-pitsaboana isaky ny toby fandraisana traboina, ary ny mbola hametrahana toby vaovao hafa, mba hahafahana mandray izay mety ho traboina rehetra, ary izany dia ao anaty fanajàna tanteraka ny fenitra ara-pahasalamàna.

**Mahazoarivo, 19 janoary 2022**

**Seraseran'ny Primatiora sy Madagate.org**